**COMMUNIQUE DE PRESSE**

**-**

# Intensification de la Lutte contre la Corruption: Les OSC interpellent le CSI

Andohatapenaka, le 20 novembre 2025 – Dans un contexte national marqué par des exigences fortes de refondation et de restauration de la confiance publique, les organisations de la société civile engagées dans la lutte contre la corruption ont sollicité aujourd'hui une rencontre avec le Comité pour la Sauvegarde de l'Intégrité (CSI).

En tant qu'organe mandaté spécialement pour superviser la mise en œuvre de la Stratégie Nationale de Lutte contre la Corruption (SNLCC), pour garantir l'indépendance des entités de lutte contre la corruption (SAC) et pour formuler des recommandations aux responsables de l'État, le CSI a reçu ces organisations de la société civile œuvrant pour la lutte contre la corruption et l'État de droit, regroupées dans la plateforme « Aok'izay ny Tsimatimanota » (AIT).

Les échanges ont porté sur l'état d'avancement effectif de la lutte contre la corruption et sur la mise en œuvre de la SNLCC 2025-2030, particulièrement dans un contexte où les citoyens attendent des actions concrètes et mesurables.

« *Nous devons rencontrer les députés durant cette seconde session parlementaire de 2025 pour discuter de réviser la loi sur l'interdiction de poursuite des Inspecteurs des Impôts et des Inspecteurs des Douanes. Or, ces dispositions légales vont totalement à l'encontre du principe d'égalité devant la loi. Il faudra également aborder la question relative à la Haute Cour de Justice (HCJ), car il faut vraiment mettre fin à l'impunité. Tous les hauts responsables doivent être poursuivis conformément à la loi* », a expliqué Madame Hony RADERT, Secrétaire générale du Collectif des Citoyens et des Organisations Citoyennes (CCOC).

Cette rencontre a aussi permis aux OSC de discuter des réformes préconisées par la SNLCC et dont il revient aux députés d'en assurer l'adoption. « *L'évolution du contexte actuel figure parmi les motifs de notre présence au CSI aujourd'hui. Nous sommes attentifs aux actualités évoquant des affaires de détournements de fonds, de poursuites visant des hauts responsables, ainsi que de recouvrements des avoirs illicites. Et nous sommes conscients que ces sujets demandent des actions concrètes, des réformes juridiques, et diverses étapes qui doivent être priorisées* », a déclaré ANDRIAMAZAVARIVO Tsimihipa, Coordonnateur de l'ONG TOLONTSOA. Il a ajouté que les OSC observent attentivement s'il existe une réelle volonté de réforme et d'amélioration, et examinent également les mesures à adopter par les responsables respectifs afin d'obtenir des résultats plus concrets et tangibles que par le passé.

A travers cette rencontre, les OSCs réaffirment leur engagement à accompagner et à interpeller les institutions afin que la lutte contre la corruption devienne enfin un moteur crédible de refondation institutionnelle et de développement durable pour Madagascar.

**FAMPITAM-BAOVAO**

-

**Fandrosoana aingana amin'ny ady amin'ny kolikoly : Miandrandra fiaraha-miasa amin'ny CSI ny fiarahamonim-pirenena**

Andohatapenaka, faha 20 novambra 2025 – Nangataka fihaonana manokana tamin'ny Komity Mitandro ny Fahitsiana (CSI) androany ireo fiarahamonim-pirenena misehatra amin'ny ady amin'ny kolikoly.

Amin'ny maha rafitra nomena andraikitra manokana hitantana ny fanatanterahana ny Paikadim-pirenena amin'ny ady amin'ny kolikoly (SNLCC) sy ny fametrahana ny fahaleovantenan' ireo rafitra miady amin'ny kolikoly (SAC) ary ny fanomezana soso-kevitra ireo tompon'andraiki-mpanjakana ny CSI dia tonga nitondra lahadinika ireo fiarahamonim-pirenena misehatra amin'ny ady amin'ny kolikoly sy ny fisian'ny tany tan-dalàna izay mivondrona anatin'ny fiaraha-miasa "Aok'izay ny tsimatimanota na "AIT". Dinika makany amin'ny fampandehanana lavitra ny ady amin'ny kolikoly sy firosoana amin'ny fampiharana ny Paikadim-pirenena amin'ny ady amin'ny kolikoly (SNLCC) 2025-2030 no notanterahina nandritra izany.

*« Tokony manatona ny solom-bavambahoaka amin'izao fivoriana ara-potoana faharoa ho an'ny taona 2025 izao isika hiresahana ny tokony hanafoanana ny tsy fahazoana manenjika ny Mpisafo raharahan'ny Hetra (Inspecteur des impôts) sy ny eny anivon'ny fadin-tseranana (Inspecteur des Douanes). Lalàna izay mifanohitra tanteraka amin'ny fivoizana ny fitovian-jo eo anatrehan'ny fitsarana ho an'ny olom-pirenena rehetra. Lohahevitra iray mila resahina eny ihany koa ny mahakasika ny fitsarana avo (HCJ) satria tsy tokony hisy intsony ny tsimatimanota fa tokony enjehina araka ny lalàna ireo tompon'andraikitra ambony manao ny tsy mety rehetra. "* hoy ny fanazavan'i Ramatoa Hony RADERT – Sekretera Jeneralin'ny Vondron'ny fiarahamonim-pirenena CCOC.

Izao fihaonana izao ihany koa dia fotoana iray nilazan'ny ireo fiarahamonim-pirenena ny mahazava-dehibe ny firosoan'ny Solombavam-bahoaka amin'ny fanovan-dalàna takian'ny

paikady vaovao. *“Anisany antony nanatonana ny CSI androany ny mahakasika ny fivoaran'ny toe-draharaha eto amin’ny firenena. Maro ny raharaha henontsika mandeha mahakasika resaka famontsiam-bola, fanenjehana tompon'andraikitry ambony eto amin'ny firenena, misy ihany koa ny ezaka nambaran'ny fitondram-panjakana mahefa amin'izao moa mahakasika ireo famerenana ireo harena azo tamin'ny tsy ara-dalana sy tsy ara-drariny, ireny rehetra ireny anefa iarahantsika mahalala fa tsy vita am-bava fa mila fandraisana fepetra, misy fanovana lalàna mila atao, misy karazan’asa maromaro izay vao tanteraka.” Hoy i* ANDRIAMAZAVARIVO Tsimihipa, Mpandrindra ny ONG TOLONTSOA. Ary notohizany fa anatin’ny fijerena manokana raha tena misy tokoa ny finiavana hanovana sy hanatsara ny ihany koa ny ireo fiarahamonim-pirenena, mijery ihany koa ireo fepetra ho raisin'ny tompon'andraikitry isan-tokony mba hirosoana sy ahazoana vokatra mihoatra ny tsy teo aloha.